Article 92 Bis : Les artisans ont le droit de vendre, de participer à des foires et d'exporter leurs productions dans le respect de la législation en vigueur. CHAPITRE X DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES Article 97 : Jusqu'à la mise en place des chambres des métiers et de l'artisanat prévue par la présente loi, les attributions et fonctions dévolues aux dites chambres sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. OLAMPITRE X DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES Article 97 : Jusqu'à la mise en place de la la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de	réglementaires notamment en vue de	notamment en vue de sauvegarder le
Article 92 Bis : Les artisans ont le droit de vendre, de participer à des foires et d'exporter leurs productions dans le respect de la législation en vigueur. CHAPITRE X DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES Article 97 : Jusqu'à la mise en place des chambres des métiers et de l'artisanat prévue par la présente loi, les attributions et fonctions dévolues aux dites chambres sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de	sauvegarder le patrimoine ou l'intérêt	patrimoine ou l'intérêt national.
vendre, de participer à des foires et d'exporter leurs productions dans le respect de la législation en vigueur. CHAPITRE X DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES Article 97 : Jusqu'à la mise en place des chambres des métiers et de l'artisanat prévue par la présente loi, les attributions et fonctions dévolues aux dites chambres sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de	national.	
d'exporter leurs productions dans le respect de la législation en vigueur. CHAPITRE X DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES Article 97: Jusqu'à la mise en place des chambres des métiers et de l'artisanat prévue par la présente loi, les attributions et fonctions dévolues aux dites chambres sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Article 97 Bis: La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat. Article 97 Bis: La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98: Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES Article 97: Jusqu'à la mise en place de la Chambres Nationale des Métiers et de l'Artisanat. Article 97 Bis: La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98: Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de		Article 92 Bis : Les artisans ont le droit de
CHAPITRE X DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES Article 97 : Jusqu'à la mise en place des chambres des métiers et de l'artisanat prévue par la présente loi, les attributions et fonctions dévolues aux dites chambres sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Chambre sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES Article 97 : Jusqu'à la mise en place de la Chambres Nationale des Métiers et de l'Artisanat prévue par la présente loi, les attributions et fonctions dévolues à ladite Chambre sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de		vendre, de participer à des foires et
CHAPITRE X DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES Article 97 : Jusqu'à la mise en place des chambres des métiers et de l'artisanat prévue par la présente loi, les attributions et fonctions dévolues aux dites chambres sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. CHAPITRE X DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES Article 97 : Jusqu'à la mise en place de la Chambres Nationale des Métiers et de l'Artisanat prévue par la présente loi, les attributions et fonctions dévolues à ladite Chambre sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de		d'exporter leurs productions dans le respect
DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES Article 97 : Jusqu'à la mise en place des chambres des métiers et de l'artisanat prévue par la présente loi, les attributions et fonctions dévolues aux dites chambres sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Article 97 : Jusqu'à la mise en place de la Chambres Nationale des Métiers et de l'Artisanat prévue par la présente loi, les attributions et fonctions dévolues à ladite Chambre sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de		de la législation en vigueur.
Article 97 : Jusqu'à la mise en place des chambres des métiers et de l'artisanat prévue par la présente loi, les attributions et fonctions dévolues aux dites chambres sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de	CHAPITRE X	CHAPITRE X
Chambres des métiers et de l'artisanat prévue par la présente loi, les attributions et fonctions dévolues <u>aux dites chambres</u> sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Chambres Nationale des Métiers et de l'Artisanat prévue par la présente loi, les attributions et fonctions dévolues à ladite Chambre sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de	DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES	DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES
par la présente loi, les attributions et fonctions dévolues <u>aux dites chambres</u> sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Chambre sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de	Article 97 : Jusqu'à la mise en place <u>des</u>	Article 97 : Jusqu'à la mise en place de la
fonctions dévolues <u>aux dites chambres</u> sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Chambre sont exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de	chambres des métiers et de l'artisanat prévue	Chambres Nationale des Métiers et de
exercées par le Ministère en charge de l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de	par la présente loi, les attributions et	l'Artisanat prévue par la présente loi, les
l'Artisanat. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015- 054 du 16 décembre 2015 portant Code de	fonctions dévolues <u>aux dites chambres</u> sont	attributions et fonctions dévolues à ladite
Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. Article 97 Bis : La dénomination de « Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015- 054 du 16 décembre 2015 portant Code de	exercées par le Ministère en charge de	Chambre sont exercées par le Ministère en
Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98: Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. Article 98: Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de	l'Artisanat.	charge de l'Artisanat.
l'Artisanat » ou toute autre appellation susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de		Article 97 Bis : La dénomination de «
susceptible de prêter confusion avec ladite structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de		Chambre Nationale des Métiers et de
structure ne peut être utilisée par toute autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de		l'Artisanat » ou toute autre appellation
autre entité ou association. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de		susceptible de prêter confusion avec ladite
Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. Article 98 : Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015-054 du 16 décembre 2015 portant Code de		structure ne peut être utilisée par toute
contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées. contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées notamment celles de la loi n° 2015- 054 du 16 décembre 2015 portant Code de		autre entité ou association.
abrogées notamment celles de la loi n° 2015- 054 du 16 décembre 2015 portant Code de	Article 98 : Toutes dispositions antérieures	Article 98: Toutes dispositions antérieures
054 du 16 décembre 2015 portant Code de	contraires à la présente loi sont et demeurent	·
•	abrogées.	abrogées notamment celles de la loi n° 2015-
tta		054 du 16 décembre 2015 portant Code de
l'Artisanat.		l'Artisanat.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nanambara fa hiroso amin'ny fanitsiana izany ny mpivory. Avy amin'ny Solombavambahoaka aloha vao ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Raha nandray fitenenana Ramatoa RAMANANJARASOA Clarisse Eugénie, nambarany fa ahitana fahadisoana ny anaran'ny Solombavambahoaka tonga tao amin'ny asam-baomiera ka tokony hahitsy.

Ho an-dRamatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle kosa, nambarany, fa ao amin'ny pejy faha-3, "paragraphe" faha-2, mbola naverina ihany ny famoronana "ordre de mérite" ho an'ny mpanao asa tànana kanefa efa nofoanana tany amin'ny asam-baomiera izany. Nomarihany fa araka ny tapaka dia nofoanana tao anaty Tolo-dalàna izany satria nofoanana ihany koa ny "section" mikasika azy ary efa nisy ny fanapahan-kevitra teo anivon'ny Minisitera hoe tsy tokony ho hita ato anatin'ny tatitra intsony izany.

Taorian'izay, nanome fitenenana ny avy ao amin'ny Ministera, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

Andriamatoa RANDRIAMIALISON Tsimbazafy Yvon, solotena avy amin'ny Minisiteran'ny Fizahan-tany sy ny Asa tànana no nandray fitenenana.

Nangataka mba tsy hihazakazaka amin'ny fanavaozana ity fehezan-dalàna ity no nambarany voalohany.

Toy izao no antony ilazany izany, amin'ny ankapobeny, ny ankamaroan'ny "dispositions" ao anaty Tolo-dalàna dia efa hita ao anatin'ny "Code de l'Artisanat" izay efa mihatra ankehitriny araka ny Lalàna laharana faha-2015-054. Amafisina fa ny olana, tsy ny fanavaozana azy fa ny fampiharana ny voalaza. Izay no tokony hangatahana fotoana handinihana azy miaraka amin'ireo sampandraharaham-panjakana hoe inona no antony tsy nahafahana nampihatra izany. Noho izany, tsy ny fanavaozana no zava-dehibe fa ny lalàna tokony hampiharina.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa SAORY Christian, nomarihany fa ity Tolo-dalàna ity dia efa natao tamin'ny taona 2021 sy taona 2022, kanefa tsy nandalo teto amin'ny Antenimierampirenena.

Nambarany koa ho an'ny Minisitera, tokony ho faly izy ireo amin'ny fandinihana ny Tolodalàna eto amin'ny Antenimierampirenena amin'izay mba handroso ny mpanao asa tànana sy ny taozavatra. Gaga ny tenany tamin'ny fangatahan'ny avy ao amin'ny Minisitera ny hanemorana ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity Tolo-dalàna ity. Nametrahany fanontanina ny olan'ny Governemanta ka mahatonga azy ireo mangataka izany fanemorana izany.

Nambarany koa fa maro ny solotenan'ny mpanao asa tànana manatrika izao fivoriana izao ka noho ny fitarainan'izy ireo hatramin'izay no antony nanovàna ity Tolo-dalàna ity.

Teo am-pamaranany ny teniny, nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba handany ny Tolo-dalàna.

Nomarihan'Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa fa anisan'ny asan'ny Solombavambahoaka ny manolotra Tolo-dalàna rehefa nomena fitenenana.

Nambarany fa tsara toerana Ramatoa RATSIRAKA SOPHIE Soamiadana nanolotra ny Tolodalàna satria vao avy Minisitra ny tenany ary mahafantatra tsara ny zava-misy ao. Notsindriany fa efa lalàna hafa nandalinana ity Tolo-dalàna ity vao tonga amin'izao dingana izao. Misy zavatra telo lehibe hozaraina amin'ny Solombavambahoaka mikasika izany.

Voalohany, ny lalàna izay nambaran'ny teknisiana teo dia efa amam-polo taona, amin'izao fotoana izao efa misy fivoarana ny lafiny asa tànana eto Madagasikara. Izany hoe, tsy mifanaraka amin'ny vanim-potoana intsony ny karazana fenitra ilazana fa mpanao asa tànana ny olona iray. Noho izany, zava-dehibe ny fanitsiana satria misy Malagasy androany mivelona sy mamelona ny ankohonany amin'ny alàlan'ny asa tànana kanefa mbola voasokajy ao anatin'ny "informel" foana izy ireo raha ny lalàna taloha no jerena. Ity Tolo-dalàna ity anefa manome fenitra fa ny sokajin'olona sahalan'izao dia azo sokajiana ho mpanao asa tànana.

Faharoa, raha ny lalàna teo aloha no resahana, ambany ny fiarovana ny mpanao asa tànana eto Madagasikara fa ity Tolo-dalàna ity kosa, voafaritra mazava amin'ny fiarovana azy ireo sy ny asany. Izany hoe, mba hialana amin'ny fanaovana hosoka, eo koa ny fiarovana azy amin'ny tontolon'ny fandraharahana ary ny zava-dahibe amin'izany dia ny fiahiana ara-tsosialy. Ny mpanao asa tànana anie ka sady tsy mpiasam-panjakana no tsy mpiasa any amin'ny tsy miankina, fa mpiasa tena ka tsy voafaritry ny Lalàna ny fiahiana ara-tsosialy. Nohamafisiny fa raha lany ity Tolo-dalàna ity, hilamina ny mpanao asa tànana rehetra eto Madagasikara satria voafaritra ato ny fiahiana ara-tsosialin'izy ireo.

Farany, nambarany fa mandresy lahatra ny fisian'ny "Chambre Nationale des Métiers et de l'Artisanat", izay heverina fa rafitra manamafy ny asa tànana Malagasy. Noho izany, manao antso avo ho an'ny Andrimpanjakana mpanao lalàna rehetra mba handinika satria raha ny fanamarihana nataon'ny teknisiana teo dia ny fampiharana ny lalàna no tena olana eto Madagasikara.

Namaranany ny teniny dia nanentana ny Solombavambahoaka mba tsy hihemotra fa hiroso handany ny Tolo-dalàna.

Nankasitraka an-dRamatoa RATSIRAKA Sophie Soamiadana tamin'ny fanolorana ny Tolodalàna no nataon'Andriamatoa RANDRIANARIVO Edwin rehefa nomena fitenenana.

Nambarany fa ny asa tànana dia ny tambanivohitra no voakasika voalohany amin'izany ary avy any daholo koa ireo fitaovana ampiasaina amin'izany voalohany.

Nohamafisiny fa napetraka amin'ny hasiny tsara ny mpanao asa tànana raha ity Tolo-dalàna ity no dinihana ary tena zava-dehibe ho an'izy ireo izany.

Nanentana ny Solombavambahoaka koa ny tenany mba handany ny Tolo-dàlana.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, fanontaniana amin'ny fangatahan'ny Minisitera hanajanona ny fandinihana ny Tolo-dalàna no nataony. Tsy mety izany satria toa tsy mifanaja. Noho izany, asio hajany ny Solombavambahoaka satria mpanao lalàna ny olom-boafidy.

Fisaorana an-dRamatoa RATSIRAKA Sophie Soamiadana tamin'ny fahasahiana nanolotra izao Tolo-dalàna izao koa no nataon'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa rehefa nomena fitenenana.

Nomarihany fa matetika ny olana rehefa mandinika Tolo-dalàna dia somary maivana ny fandinihana azy.

Nangataka fanazavana avy amin'ny teknisiana ny tenany hoe inona no olana sy vahaolana entiny handinihana ity Tolo-dalàna ity.

Raha nanao satroka, Andriamatoa SAORY Chritian, nangataka ny hanomezana fitenenana ny Solombavambahoaka tompon'ny Tolo-dalàna ny tenany ary aorian'izay vao ry zareo avy amin'ny Minisitera.

Nohamafisin'Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa koa izany, taorian'ny asatroka nataony.

Rehefa izany nomena fitenenana, Ramatoa RATSIRAKA Sophie Soamiadana mba hanazava ny Tolo-dalàna narosony.

Nambarany fa nitondra ny Tolo-dalàna ny tenany satria efa Minisitry ny Asa tànana ny tenany nandritra ny telo taona ary nahita sy nanisa fa misy fanaovana asa tànana miisa efatra amby enimpolo amby zato (164) eto Madagasikara izay tokony homena ny hajany, ny lanjany ary tokony sehatra hampiroboroboana koa izany.

Nomarihany koa fa fony izy mbola Minisitry ny Asa tànana dia nitondra izao lalàna tamin'ny Filankevitry ny Governemanta mba hametrahana ny atao hoe "classification des métiers" izay hahafantarana hoe ireto daholo no asa tafiditra ao anatin'ny fanaovana asa tànana. Maro anie no tsy mahalala fa ny fanaovana sakafo sy ny "massage" dia fanaovana asa tànana ihany koa; tahak'izay ny fanaovana petakofehy, ny sarisikotra sy ny sisa.

Raha natao ny "statistique" fanisana ny mpanao asa tànana Malagasy dia tokony hanana "statut particulier" izy ireo, toy ny mpamboly rehefa miandry ny fiakaran'ny vokatra dia manao asa tànana avokoa izy ireo kanefa ny mpanao asa tànana mety tsy ho mpamboly. Tsy manana "statut particulier" maha mpanao asa tànana azy izy ireo ka nampidirina tato anatin'ny Tolo-dalàna ny fametrahana izany.

Miisa teo amin'ny telo tapitrisa (3 000 000) teo no vita "recensement" raha ny mpanao asa tànana no lazaina. Raha ohatra ka ampy ny vola teo am-pelan-tanan'ny Minisitera tamin'izay fotoana izay, mety nahatratra dimy tapitrisa (5 000 000) no mpanao asa tànana voaisa. Raha io isa io no jerena, sady asa mahavelona no asa maharitra ny fanaovana asa tànana eto amintsika.

Rehefa nivory niaraka tamin'ny Praiminisitra sy ny Minisitry ny Asa ary ny Lalàna Sosialy, tao koa ny CNaPS; raha naroso ny hoe raha ohatra mandoa fandraisana anjara arivo (1000) Ariary fotsiny ireo mpanao asa tànana miisa telo tapitrisa (3 000 000) ireo dia misy telo miliara (3 000 000 000) Ariary miditra ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana izay azon'ny mpanao asa tànana ampiasaina.

Nohamafisiny fa ny tanjona tamin'ny fanovàna ity Tolo-dalàna ity dia ny hampitovy ny "chambre de commerce" amin'ny "chambre des métiers" satria raha mahazo fanampiana avy amin'ny "chambre des métiers" avy any ivelany, toy ny Frantsay, Italiana sy ny sisa dia tsy manaraka ny "quadrage" ilaina amin'izany ny "chambre des métiers" eto Madagasikara. Noho izany, lasa nomena ny "chambre de commerce" ny volan'ny "artisanat". Mino izahay fa ny "chambre de commerce" tsy mitady fanampiana firy avy amintsika fa ny mpanao asa tànana no mila izany.

Marihana fa ny "artisan" no nangataka ny fanovàna ity "code" ity ary efa nanaovana "forum régional" sy "forum national" ny mikasika azy niaraka tamin'izany ny mpiasan'ny Minisiteran'ny Fizahan-tany sy ny Asa tànana. Nisy ny fanitsiana nentina tamin'izany satria tokony mba hanara-penitra isika hoy ny fiteny ankehitriny. Betsaka anefa ny mpanao asa tànana no mandefa ny entany mankany ivelany izay tokony hampifanarahana amin'ny "textes nationaux" ny fanaovana izany.

Marihana fa ny fanovàna sy fanitsiana natao tamin'ity Tolo-dalàna vaovao ity dia fanatsarana avokoa. Izany hoe, tsy nolavina ny zavatra efa nety, tsy nokitihana ihany koa satria ny politikan'ny Fanjakana dia hanatsara ny fanaovana asa tànana eto amintsika.

Araka ny voalaza teo, napetraka ny "statut des Artisans" ary nasiana ihany koa ny "fonds de promotion et de développement de l'arisanat". Izany hoe amin'ny alàlan'io "fonds" io no hanampiana ny mpanao asa tànana amin'ny fampivoarany ny asany. Kendrena koa ny hitovizany amin'ny "fonds FMFP" rehefa misy "formation" hatao ho azy ireo eto firenena.

Izany no antony lehibe nanaovana ny fanatsarana ny Tolo-dalàna mba hanarahana ny vanimpotoana misy ankehitriny mba hampivoarana ny mpanao asa tànana.

Fisaorana ny rehetra naharitra nihaino ny fanazavana nentiny no namaranany ny fitenenany.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny solotenan'ny Minisitera raha mbola misy tiany hambara.

Andriamatoa RANDRIAMIALISON Tsimbazafy Yvon, solotena avy amin'ny Minisiteran'ny Fizahantany sy ny Asa tànana no nandray fitenenana ka fankasitrahana an-dRamatoa RATSIRAKA Sophie Soamiadana nanolotra ity Tolo-dalàna mikasika ny asa tànana nasiana fanavaozana sy fanatsarana ity.

Nisaotra ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna eto anivon'ny Antenimierampirenena ihany koa ny tenany, nanaiky ny tolo-kevitra avy atỳ amin'ny Governemanta hoentina hanatsarana bebe kokoa ity Tolo-dalàna ity.

Nomarihany voalohany fa ny Governemanta dia tsy misakana ny fanavaozana, fanatsarana ny fehezan-dalàna mikasika ny asa tànana. Nambarany fa mitovy ny tanjona dia ny hananana lalàna azo ampiharina hahafahana mampiroborobo ny sehatry ny asa tànana amin'ny alàlan'ny fizahantany mba hitondra fampandrosoana ho an'ny firenena.

Raha ny Tolo-dalàna no asiana teny, angatahana fotoana lavalava ny fanatsarana tiana hatao satria araka ny fahitana azy, tsy ampy ny fotoana niaraha-nidinika momba azy tao amin'ny asam-baomiera. Izany hoe, mbola misy maromaro ireo fepetra voalaza teo ireo no tokony hodinihana miaraka amin'ny sampandraharaham-panjakana misahana ny asa tànana.

Faharoa, araka ny voalaza tany aloha, ireo fepetra voalaza ato anaty Tolo-dalàna dia efa ao amin'ny fehezan-dalàna izay tokony hihatra ankehitriny. Izany hoe, tokony hisy fanatsarana hafa azo entina amin'ity Tolo-dalàna ity. Mila fantarina hoe, inona no antony tsy nampiharana ireny fehezan-dalàna ireny.

Mikasika ny fanavaozana nentina teo, voalohany momba ny "formalisation", raha jerena ny ato anatin'ny Tolo-dalàna dia heverina hotanterahina ny fametrahana ny antsoina hoe "registre des métiers" sy "carte professionnelle" ho an'ny mpanao asa tànana. Izany fepetra izany dia efa voalaza ao anatin'ny fehezan-dalàna efa mihatra ankehitriny.

Faharoa, mikasika ny hoe "chambre nationale des métiers et de l'artisanat", efa voalaza ao amin'ny fehezan-dalàna efa mihatra amin'izao fotoana izao izany saingy ny anarany fotsiny no natao hoe "chambre des professions".

Fahatelo farany, ny fanavaozana ny fiahiana ara-tsosialy, ialana tsiny fa efa voalaza avokoa izany. Izay tombotsoa manokana, efa voalaza ao anatin'ny fehezan-dalàna koa izany, fa ny olana dia teo amin'ny fampiharana ny lalàna.

Nohamafisiny koa fa tsy misakana ny fanatsarana ny lalàna ny Minisitera, fa tsara kokoa raha hiarana midinika, hifanekena amin'ny sampandraharaha izany satria izay no zava-dehibe azo ampiharina mba hampiroborobo ny asa tànana ary mba hitondra fampandrosoana ho an'ny firenena.

Fisaorana an'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, tamin'ny fanomezana azy fitenenana no namaranan'ny solotenan'ny Minisitera ny teniny.

Rehefa izany, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa mirona mankany amin'ny fanatsarana ny avy ao amin'ny Governemanta. Mitaky fotoana lavalava anefa izany, amin'izao "session parlementaire" izao koa, maro ny lahadinika ka tsy ho afaka maka fotoana lava loatra. Izany hoe, mila "proposition" avy aminareo solotenan'ny Minisitera hoe firy andro na firy ora no ahafahanareo mitondra an'izay "proposition" izay.

Namaly izany, Andriamatoa RANDRIAMIALISON Tsimbazafy Yvon, solotena avy amin'ny Minisiteran'ny Fizahantany sy ny Asa tànana, fa araka ny efa voalaza tany amin'ny asambaomiera, tsy tao daholo ny solotenan'ny sampandraharaha rehetra misahana ny asa tànana. Niteraka adihevitra lehibe izany tany amin'ny CRDA tamin'izany fotoana izany.

Nomarihany koa fa Volavolan-dalàna izy ity no novaina ho Tolo-dalàna izao ankehitriny izao. Raha dinihana, mitovy tanteraka izy roa ireo saingy tany amin'ny asam-baomiera no niezaka nitondra fanatsarana nandritra ny telo andro nanaovana izany. Tamin'izany no efa nahatsapana fa tsy tafiditra tao ny hevitry ny sampandraharaha rehetra voakasika tamin'izany.

Taorian'izay, nanontany ny teknisiana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, raha afaka manome daty hatramin'ny 27 Mey 2025 izy ireo.

Namaly Andriamatoa RANDRIAMIALISON Tsimbazafy Yvon, solotena avy amin'ny Minisiteran'ny Fizahantany sy ny Asa tànana fa sarotra ny hilaza daty hoe rahoviana satria mbola mila mivondrona ny sampandraharaha voakasik'izay fanavaozana izay.

Rehefa nomena fitenenana, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, nomarihany fa ny tenany dia tsy nanatrika ny asam-baomiera, olona 11 no nanatrika izany. Raha jerena, nandany fotoana lava kanefa ny asa natao tsy ampy, sady verimaina fotsiny ny fotoana lany. Nambarany fa mampalahelo raha izay Tolo-dalàna tonga eto amin'ity Andrimpanjakana ity dia hamaivanina foana, ahoana ny herimpon'ireo Solombavambahoaka niasa tany amin'ny asambaomiera.

Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga kosa rehefa nomena fitenenana, nanentana ny mpivory mba handany ny Tolo-dalàna satria raha ny zavatra tsapa, fanatsarana ny "secteur artisanal" no misy fa tsy fanapotehana izany. Noho izany, tokony homena fotoana ahafahana miaraka midinika satria ny Solombavambahoaka tsy nanosi-bohotànana ny teknisianan'ny Governemanta. Izany hoe, tokony hanome "observation" ianareo.

Mangataka izahay, rahoviana ny fotoana ahafahana mandinika ny Tolo-dalàna fa tsy sanatria hajanona ny fandinihana azy satria lasa vesatra ho an'ny "commission juridique" ny asa hatao. Raha ahemotra ny fandinihana ny Tolo-dalàna, tokony ho fantatra mialoha ny fotoana hanaovana izany ahafahana mandamina ny zavatra hataon'ny "commission juridique".

Rehefa nomena fitenenana, Andriamatoa RATSIRAKA Iarovana Roland, nambarany fa namonjy "commission" ny tenany. Ny zavatra nahafaly, hoy izy, nitovy ny zavatra nolazain'ny teknisiana sy Ramatoa RATSIRAKA SOPHIE Soamiadana tompon'ny Tolo-dalàna ka tsy tokony hisy olana.

Nomarihany fa nisy ny Minisitera tsy tonga nanatrika asam-baomiera, ka raha ahemotra ny fandinihana azy, mbola izay olona tonga teo ihany no ho avy eo.

Nambarany fa ny firenentsika dia maro ny zavatra no tsy manaraka ny tokony ho izy satria tsy toe-tsaina te-hampandroso no misy fa toe-tsaina hafa. Mitady zavatra hafa foana ny Minisitera, ka rehefa mandalo eto amin'ny Antenimierampirenena ny Tolo-dalàna dia atao izay fomba hanakanana azy.

Fanentanana ny Solombavambahoaka handany ny Tolo-dalàna no namaranany ny teniny.

Fanamarihana no nataon'Andriamatoa MAHAVITARA Sylvestre rehefa nomena fitenenana ary nambarany fa ny Solombavambahoaka dia natao hanao lalàna. Eo anatrehan'izay, tokony haroso ny tsangan-tànana hoe ahemotra sa tsia ny fandinihana ny Tolo-dalàna satria mandeha ny fotoana.

Andriamatoa MARINDRY Rasolohery Andry Chrinssant kosa nanambara fa ity Tolo-dalàna ity no efa nodinihana tany amin'ny asam-baomiera, ka tsy tokony hasiana resaka lava intsony fa aleo handray fanapahan-kevitra.

Nomarihany fa azo ovaina ny Làlana afaka 2 taona na 3 taona rehefa lany raha tsy metimety amin'ny Minisitera. Aleo hiroso amin'ny fandaniana azy fa ela loatra.

Rehefa nomena fitenenana, Andriamatoa RAZAFINDRABARY Narson Seth Jean Richard, fisaorana an-dRamatoa RATSIRAKA SOPHIE Soamiadana nitondra ny Tolo-dalàna no nataony. Nohamafisiny fa ny tanjon'ny Tolo-dalàna dia fanatsarana ny mpanao asa tànana Malagasy. Tsapa fa hery roa izao no misy, ka tsy tsara ve raha mifanampy amin'izay mba ho faly ny mpanao asa tànana, fa aza terekomasaka toy ny voalobo-jaza izy ity sao hanahirana.

Nangataka ny tenany amin'ny fotoana mba hahafahana mandinika indray mandeha ity Tolodalàna ity na dia tsapa aza tsara ny ao anatiny.

Andriamatoa ANDRIANIRINA Narcis kosa nanamafy fa ny Tolo-dalàna dia entina hiarovana ny mpanao asa tànana rehetra, izay no tanjona tiana hotratrarina, ka fisaorana an-dRamatoa RATSIRAKA SOPHIE Soamiadana nanolotra izany no nataony.

Nangataka ny hamerenana ny fandinihana ny Tolo-dalàna no namaranany ny teniny.

Nanao satroka, Andriamatoa MONG MANN Bismark ary nambarany fa misy hevitra roa samihafa ato amin'ny lapan'ny demokrasia, ka nangataka ny hirosoana amin'ny tsangantànana ny tenany na holaniana ny Tolo-dalàna na tsia.

Andriamatoa RANDRIANARIVO Edwin, kosa raha nomena fitenenana, nanambara fa raha ny fanatsarana no tiana hatao, aleo ampiharina ny lalàna efa misy. Raha jerena manokana ireo teknisiana tamin'ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity, tena maro no fanatsarana hita ato, koa maninona raha ny zavatra efa misy no ampiharina.

Raha misy ny mbola hamboarina, ny Solombavambahoaka tsy miady ny hihemotra fa miady ny handroso, ka aleo hiroso amin'ny tsangan-tànana.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa MANASOA Donat Tang, nomarihany tsara ny Tolodalàna, kanefa ny manao zavatra tsara tsy azo irotorotoana ka nangataka ny hanemorana ny fandinihana izany amin'ny fotoana manaraka ny tenany.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, kosa nanamarika fa miainga avy atỳ amin'ny Solombavambahoaka ato amin'ny Antenimierampirenena ny Tolo-dalàna vao mankany amin'ny Governemanta, manana iray volana handinihana izany izy ireo izay vao miverina eto indray izany mba ahafahan'ny Birao Maharitra mampiditra azy amin'ny fandaharam-potoana ary dinihana any amin'ny asam-baomiera. Izany hoe, tokony mba hajaina ny fahefana misy ato amin'ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fanadraisana fanapahan-kevitra nympivory.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nilaza fa ahemotra ny fandinihana ny Tolo-dalàna, Solombavambahoaka miisa 16 no nilaza fa hotohizana; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana ny Tolo-dalàna.

Nisy Solombavambahoaka nanao satroka ka nomena fitenenana.

Raha nanao satroka, Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa, nanambara fa manaiky ny tapaky ny maro an'isa ary tsy hanohitra fa mangataka fanazavana hoe ahemotra amin'ny fotoana manao ahoana, amin'ny taona 2029 ve sa amin'ny taona 2030. Nohamafisiny koa fa 60 andro no faharetan'ny fivorian'ny Antenimierampirenena, ka tokony ho fantatra androany hoe rahoviana izany fotoana izany.

Namaly Andriamatoa RANDRIAMIALISON Tsimbazafy Yvon, solotena avy amin'ny Minisiteran'ny Fizahantany sy ny Asa tànana ary nanambara fa ny fangatahana nataon'ny Solombavambahoaka rehetra teo dia efa voaray an-tsoratra avokoa ka hoentiny eo anivon'ny Governemanta.

Niato tamin'ny 5 ora sy 55 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

NY FILOHA
TOKELY Justin